DECEMBRE 2018 | Numéro 02

# TAFA

GAZETIN'IREO IVOTOERAM-PANOFANAN'NY MINISTERA EO ANIVON'NY FIADIDIAN'NY REPOBLIKA MISAHANA NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

Bulletin semestriel d'information et de liaison de la Direction de la Formation Agricole et Rurale

«Tanora Antoky ny Fampandrosoana eny Ambanivohitra...»



## HAFATRA

## ANDRIAMATOA MINISITRA HARISON RANDRIARIMANANA :

## TAFATAFA

## SOAMAZAVA SANDRINE ANIMATRICE ENIFAR

## CEFAR

## CFAMA ANTSIRABE : REALITE ET PERSPECTIVE

HAFATRA-HISTORIQUE- CEFAR - TAFATAFA- ACTUALITES FAR - DIVERTISSEMENTS

# SOMMAIRE

## BULLETIN TAFA


3 - **HAFATRA**

Am no an listening depending up believing. Enough around remove to barton agreed regret in or it. Advantage mr estimable be commanded

4 - **EDITORIAL**

Mila finiavana ny fanomanana sy ny fanantanterahana ny fanofanana ary mila finiavana ihany koa ny fanarahana ny fiofanana ho an'ireo mahazo tombotsoa amin'izany

5 - **HISTORIQUE**

Conveying or northward offending admitting perfectly my. Colonel gravity get thought fat smiling add but they trusted in our experience

7 - **FANAVAOZANA**

Indro hoentina amintsika indray ny tohin'ny asa fampivoarana ny fanofanana ara-kasa, ara-pambolena, ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra

8 - 9 **TAFATAFA**

Resadresaka sy dinidinika nanasan'ny bulletin Tafa ny tompon'andraikitra iray ao aminy Equipe Nationale d'Ingenierie de Formation Agricole et Rurale (ENIFAR)

10 **ENIFAR**

Formation des formateurs dirigée par L'Equipe Nationale d'Ingenierie de Formation Agricole et Rurale (ENIFAR) a Majunga

11 **INSERTION ET INSTALLATION**

Tantsoroka ho an'ny tanora handraharaha eny amin'ny tontolo ambanivohitra : Ireo dingana sy tantsoroka azon'ireo tanora manana tetikasa ka handraraha

25 - 26 **DIVERTISSEMENTS**

Angano angano, tapatogno, mots croisés,


**CFAMA ANTSIRABE**



» p. 6

**ACTUS SUR LA FAR**





» p. 12, 13, 14, 15, 16, 17, 18, 20, 21, 22, 23, 24

**SARY TAFA**



» p.23

Fantatry ny tantsaha mpamokatra tsara fa tsy azo eo no ho eo ny vokatra eo amin'ny asa famokarana ataony : 90 na 120 andro raha haingana indrindra vao masaka ny vary eny an-tsaha, 10 volana vao teraka ny omby vavy bevohoka, 3 volana ny kisoa, 3 na 4 taona vao manomboka misy vokatra ny zanakazo fihinamboa, sns. Tsy misy vokatra azo eo no ho eo fa mila fotoana avokoa ary mila fikojakojana araka ny fiteny hoe 'Izay mahakolokolo no manana ny soa'.



Toy izany koa ny fiofanana entina hanatsarana ny asa famokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Mila finiavana ny fanomanana sy ny fanantanterahana ny fanofanana ary mila finiavana ihany koa ny fanarahana ny fiofanana ho an'ireo mahazo tombotsoa amin'izany (fitozoana amin'ny fiofanana, fampiarana ny fiofanana ara-teknika azo, sns). Mila fotoana ny fahazahoana ny vokatra saingy zava-dehibe ihany koa ny fiovan'ny toe-tsaina hahay mikaroka sy hahay mivoatra hatrany manaraka ny toetr'andro eo amin'ny lafiny teknika, ny fananana ny toe-tsain'ny mpandraharaha mahafehy ny tsenam-bokatra satria sady asa fivelomana no fihariana ny asam-pamokarana.

Ny fanatsarana ny taham-bokatra sy ny fampitomboana ny vola miditra eo amin'ireo mpamokatra no tanjona farany eo amin'ny fanofanana sy fiofanana ka ilaina ny fanarahana ny fepetra momba izany mba ho fanofanana hitondra any amin'ny fahombiazana marina, hanantanterahana ny VINA 2030 eo amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra.

Manana ny toerana manokana eo amin'ny sehatry ny fanofanana/fiofanana amin'ny asam-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra ireo rafi-panofanana miankina amin'ny Ministera eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana na amin'ny lafiny fanofanana fototra ho an'ireo tanora vonona sy nofantenana ho amin'ny asam-pamokarana (formation initiale) sy ny fanofanana an'ireo mpamokatra amperinasa (formation continue): (i) fanofanana ny mpiofana ho mpamokatra-mpitantana ny seha-pihariany sy ho mpamokatra no sady mpandraharaha, (ii) ireo mpiofana ho teknisiana hanome tantsoroka ny mpamokatra, (iii) fanohanana an'ireo mpiofana ho mpamokatra-mpandraharaha amin'ny fampiarana an'ireo fiofanana azon'izy ireo sy ny fanohanana azy ireo amin'ny fanomanana sy fanantanterahana an'ireo tetikasany, sns. Misy rafitra manokana izay najoro ka nandrafitra sy mbola handrafitra ny lasi-panofanana mifototra amin'ny fahaiza-manao amin'ny ireo asa ho atao ka ny tanjona dia ny ametrahana ny rindradamina iraisana eo amin'ny rafi-panofanana momba ny asam-pamokarana rehetra manerana ny Nosy.

Mitohy ary hamafisina ny ezaka efa vita. Efa misy ary ho tohizina ny fiarahamiasa miaraka amin'ireo rafi-panofanana tsy miankina amin'ny Fanjakana ary tondro zotra iray ihany no arahina eo amin'ny lafiny fanofanana amin'ny asam-pamokarana miaraka amin'ireo Ministera mpiara-dia amin'ny fampandrosoana ny tontolo ambany vohitra sy ny fampanana asa.

∆ ***Na_Be***

# FANAVAOZANA





Araky ny laharana voalohany tamin'ity gazety TAFA ity dia indro hoentina amintsika indray ny tohin'ny asa fampivoarana ny fanofanana arak'asa, ara-pambolena sy ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Voalaza fa ny fanoratana ny lasi-panofanana ho an'ny teknisiana no niompanan'ny Ministeran'ny fambolena sy ny fiompiana miaraka amin'ireo Ministera hafa mahasahana ny tontolo ambanivohitra nanomboka ny taona 2016.

Tamin'ny volana jolay 2017 no voasoratra tanteraka ny lasi-panofanana, fa noho ny fandaminana dia ny volana desambra 2017 no nankatoavina teo anivon'ireo mpisehatra. Ny volana janoary 2018 no nanoloran'ny MINAE ofisialy ny lasi-panofanan'ny teknisina tamin'ireo mpiara-miombon'antoka. Ary ankehitriny dia ampiharina eo anivon'ireo EFTA (na Ecole de Formation des Techniciens Agricoles) manerana ny renivohim-paritany enina eto Madagasikara io lasi'panofanana io. Mba ho ara-kalitao ny fiofanana dia nidina nampiofana ny mpampiofana eny anivon'ireo EFTA teto Antananarivo, Mahajanga, Fianarantsoa, Ambanja, Toamasina ary Bezaha ny ENIFAR nandritra ny volana febroary sy martsa. Ny DFAR moa no nandrindra izany fampiofanana mpampiofana izany.

Ankoatr'izay, ny fampiharana ny lasi-panofanana ho an'ny mpamokatra na «Exploitant Agricole » eny anivon'ireo CAFPA fito (Antsirabe, Mahitsy, Diégo, Maintirano, Iboaka, Brickaville, Ambatondrazaka) sy tsy miankina anankiroa (SEFAFI Tombotsoa sy CRFPA Itasy) dia mitohy hatrany ary talohan'ny fanombohan'ny fanofanana tamin'ity taom-pianarana 2017-2018 dia notanterahina ny fanofanana ny mpampiofana ao amin'ireo ivotoeram-panofanana ireo. Izany no natao moa dia ny mba ahazoana hatrany fanofanana ara-kalitao.

Amin'ity taona ity dia misy lasi-panofanana maromaro miandry ka ho hitantsika amin'ny gazety manaraka eo ihany ny mikasika ireo.

*Mbola hitohy ...*

# Madame SOAMAZAVA Sandrine,

## Animatrice de l'**E**quipe **N**ationale d'**I**ngénieurie de **F**ormation **A**gricole et **R**urale

***«La création de l'ENIFAR sous-entend une implication réelle de l'ensemble des Ministères concernés et Centres de Formation Agricole et Rurale. Un de l'objectif de la mise en place de l'ENIFAR est de mutualiser les ressources humaines en constituant un pool de cadres, des formateurs et des chargés d'études dans une équipe.»***

**Bulletin TAFA : L'ENIFAR en quelques mots ?**

**Mme Sandrine :** L'ENIFAR ou l'Equipe Nationale d'Ingénierie de la Formation Agricole et Rurale est une équipe Interministérielle composée des techniciens et formateurs provenant des Ministères concernés par la Formation Agricole et Rurale et des centres de Formation Agricole et Rurale publics et privés. Elle est coordonnée par la Direction de Formation Agricole et Rurale du Ministère de l'Agriculture et Elevage. Mise en place et opérationnelle depuis 2013, elle n'a été formalisée administrativement qu'en 2017. La création et la nomination des membres de l'ENIFAR est régie par l'arrêté interministériel N°12381/2017 du 19 mai 2017.

**Bulletin TAFA : … Et la raison d'être de l'ENIFAR ?**

**Mme Sandrine :** Dans le cadre de la Mise en œuvre de la Stratégie Nationale de Formation Agricole et Rurale adoptée en 2012, la rénovation de la Formation Agricole et Rurale a été engagée. La mise en œuvre de cette rénovation exige la disponibilité de personnel compétent en matière d'Ingénierie de Formation. De ce fait, il est apparu nécessaire de rassembler dans une équipe les experts en ingénierie de formation déjà montée en compétence pour qu'ils puissent œuvrer de façon coordonnée la mise en œuvre de la rénovation FAR. La création de l'ENIFAR sous-entend une implication réelle de l'ensemble des Ministères concernés et Centres de Formation Agricole et Rurale. Un de l'objectif de la mise en place de l'ENIFAR est de mutualiser les ressources humaines en constituant un pool de cadres, des formateurs et des chargés d'études dans une équipe.

**Bulletin TAFA : Plus concrètement, quelles sont les missions et attributions de l'Equipe ?**

**Mme Sandrine :** L'ENIFAR assure une mission d'appui et d'accompagnement en Ingénierie de formation basée sur l'Approche Par les Compétences (APC). C'est une approche permettant de doter aux apprenants des compétences nécessaires à l'exercice d'un métier dans les milieux professionnels réels.

Ses principales attributions consistent à : (i) élaborer les référentiels nationaux de diplôme au service du secteur Développement Rural, (ii) apporter son expertise à tous travaux d'ingénierie relatifs à la Formation Agricole et Rurale dans les Ministères du secteur Développement Rural, (iii) apporter des appuis méthodologiques sur l'élaboration des référentiels de métiers et des compétences, des référentiels de formation aux partenaires demandeurs ; (iv) renforcer les compétences des formateurs dans les centres et établissements sur l'APC ainsi qu'à la mise en application des nouveaux référentiels nationaux de diplômes élaborés; (v) accompagner les Centres et

Etablissements de Formation Agricole et Rurale dans la mise en application des référentiels nationaux de diplômes; (vi) réguler les travaux sur la mise en application des référentiels nationaux de diplômes; (vii) apporter un éclairage par rapport à l'alignement et à l'harmonisation du processus de rénovation des dispositifs de Formation Agricole et Rural aux démarches de la Politique Nationale de l'Emploi et de la Formation Professionnelle (PNEFP) ; (viii) et veiller au respect du processus d'Ingénierie harmonisée, pour l'élaboration des référentiels de formation relatifs aux activités professionnelles du secteur Développement Rural, et à l'adoption de l'approche par les compétences.

**Bulletin TAFA : Quid de vos réalisations ?**

**Mme Sandrine :** Depuis sa création des référentiels nationaux de diplôme aux métiers Exploitant Agricole, Exploitant Entrepreneur Agricole, Technicien Forestier, Technicien Agricole ont été élaborés, des sessions de formations des formateurs de centres et établissement de formation Agricole et rurale ont été réalisés. Plus de 200 formateurs sont actuellement formés sur l'Approche par les Compétences et sur l'utilisation des référentiels susmentionnés. Sept (07) centres de formation publics et deux (02) centres de formation privés sont accompagnés dans la mise en œuvre des référentiels nationaux des diplômes, …

**Bulletin TAFA : ….et les perspectives d'avenir ?**

**Mme Sandrine :** Le dispositif national de Formation Agricole et Rurale (FAR) à Madagascar souffre actuellement d'un manque crucial de formateurs aussi bien en quantité qu'en qualité. Pour pouvoir y pallier, le Ministère de l'Agriculture et Elevage a pris une initiative de mettre en place un Institut de formation des formateurs Agricole et Rurale (IFFAR). L'ENIFAR va contribuer à l'opérationnalisation de cet Institut vu que ces membres ont des compétences en matière de formation des formateurs.

PHOTO ENIFAR

# ECOLE DE FORMATION DE TECHNICIEN AGRICOLE «AMBOROVY» : FORMATION DES FORMATEURS

Depuis quelques années et après avoir fait des états des lieux au niveau des clients des centres de formation technique agricole et rurale, des rénovations s'imposent. En effet, les capacités des ressortissants des centres de formation ne répondent plus aux attentes des employeurs. Les diplômés ne peuvent pas monter leur propre projet. En plus, chaque EASTA a eu son propre programme. Les étudiants n'ont pas eu les mêmes capacités, à la sortie.

Pour ces diverses raisons, une nouvelle Stratégie Nationale relative à la Formation Agricole et Rurale a été adoptée. Il s'agit de la standardisation de la formation et de la certification au sein des centres de formations sous tutelle du MPAE. Les EASTA ont été ainsi transformées en EFTA. Ces nouvelles écoles recevront en formation initiale des nouveaux bacheliers, retenus par voie de concours national. Une nouvelle approche a été adoptée pour la réalisation de la formation : «APPROCHE PAR COMPETENCES », régie par un Référentiel National. Elle est sanctionnée d'un « Brevet de Technicien Supérieur Agricole (BTSA)».

Dans le cadre de l'application de la nouvelle approche pour la rentrée du 12 mars 2018, une formation des formateurs des Ecoles de Formation des Techniciens Agricoles (EFTA) d'Ambanja et de Mahajanga a été faite à Mahajanga, du 27 février au 02 mars 2018. Elle concerne l'Approche par Compétences (APC) et a été dispensée par les membres de l'Equipe Nationale d'Ingénierie et de la Formation Agricole et Rurale (ENIFAR) et du Rurale Représentant de la Direction de la Formation Agricole (DFAR). Les sujets abordés sont de plusieurs ordres tels :



- la présentation des problématiques qui ont entraîné la rénovation ;
- l'historique de la nouvelle stratégie « APC » ;
- l'utilisation du Référentiel National pour l'obtention du Brevet de Technicien Supérieur Agricole (BTSA) ;
- l'application de la nouvelle politique pour les établissements et pour les formateurs et ;
- l'approche pédagogique à adopter.

La formation s'est déroulée dans une ambiance de complicité et de partages. Effectivement, les participants ont participé vivement et ont montré leur intéressement à la nouvelle stratégie d'enseignement (APC). Ils se sont déclarés satisfaits. Toutefois, ils sollicitent une autre formation pour la maîtrise parfaite de l'Approche par Compétences.

# TANTSOROKA HO AN'NY TANORA HANDRAHARAHA ENY AMIN'NY TONTOLO AMBANIVOHITRA (tohiny)

Araka ny lahatsoratra narahintsika tamin'ny TAFA laharana voalohany dia arahintsika amin'ity laharana manaraka ity indray ireo dingana sy tantsoroka azon' ireo tanora nanana tetikasa ka handraharaha eny amin'ny sehatry ny Famokarana (fambolena, fiompiana, jono, asa tànana, sns).

Ny Ministera misahana ny Fambolena sy Fiompiana, amin'ny alàlan'ireo tetikasa tantanany, dia manohana karazana mpahazo tombotsoa maro toy ny tanora lahy sy vavy, ny mpamokatra amperinasa, ny Fikambanana Tantsaha Mpamokatra, ny tanora nahavita fianarana ara-pambolena, ny tanora niala an-daharana tamin'ny fianarana, sns. Izany no natao dia ny hananan'ny Firenena mpamokatra matiana maro eny amin'ny tontolo ambanivohitra mba hampitombo ny kalitao sy ny habetsaky ny vokatra, hitondra fijery vaovao hampirindra ny famokarana ary hitondra anjara mavitrika amin'ny fampiroboroboana ny toekarena Malagasy.

Hojeren-tsika manokana ireo dingana sy tohana iarahana amin'ny tetikasa FIANATRA (FORMAPROD) izay tetikasa eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana ho an'ireo tanora nahavita fiofanana ara-pamokarana fohy (3 volana hatramin'ny 6 volana).

Raha mikasika ny dingana narahina dia mizara efatra amin'ny ankapobeny ka mitsinjara toy izao manaraka izao :

- Voalohany : Fitiliana ny tanora eny ifotony izay ataon'ny CIP (Conseiller en insertion professionnelle)

- Faharoa : Fanadihadiana ireo tanora mba ahafantarana ny fahaizana ananany sy ny tetikasan'izy ireo

- Fahatelo : Araka ny valin'ny fanadihadiana teo aloha dia omena fiofanana ny tanora mba ahazoany fahaizana ampy hanatanterahany ny tetikasany (3 hatramin'ny 6 volana)

- Fahaefatra : Rehefa nahavita ny fiofanana an-tsakany sy andavany ilay tanora dia mahazo ireo fitaovana entina manomboka ny tetikasany.

Ireto misy ohatra vitsivitsy mikasika ny tohana azon'ny tanora nahavita fiofana mikasika ny tetikasany.

| Tetikasa | Tohana |
|---|---|
| **Akoho mpanatody lava :** | Sakafom-biby, fanafodim-biby, fitaovana madinika (fisotroana rano, ...), labroety, mizana, akoho vavy 30 isa efa hanatody |
| **Kisoa hatavizina :** | Fitaovana fanamboarana tranom-biby (biriky, simenitra, hazo),Sakafom-biby, fanafodim-biby, fitaovana madinika, kisoa miisa roa |

Efa maro ireo tanora manatanteraka ny tetikasany ankehitriny ary mahavelom-panantenana satria hita taratra ny fiovana tsara misy eo amin'ny fiainan'izy ireo sy ny fiantraikany amin'ny fiarahamonina manodidina azy.

**∆ *SRG***

# FANOKAFANA TAMIN'NY FOMBA OFISIALY NY FIDIRAN'NY MPIANATRA HO TEKNISIANINA AO AMIN'IREO EFTA



Roso toa ka tsa mimpody koa. Izay no azo amintinana ny lanonana nanamarihana ny fidirana amin'ny fomba ofisialy an'ireo EFTA enina (6) na ny Ecole de Formation de Technicien Agricole nataon'ny 12 Mars 2018 manerana ny Nosy teo ambany fitarihan'Andriamatoa Minisitra eo ambany Fiadidian'ny Repoblika misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana. Ao ireo mpiofana ho Technicien Agricole hanana ny diplaoma BTSA (Brevet Technique Supérieur Agricole) ho an'ny EFTA enina (6) miampy ireo mpiofana ho amin'ny Technicien Spécialisé en Agro Ecologie ho an'ny EFTA Anamalotra Toamasina sy Iboaka Fianarantsoa.

Nisy tanjona manokana sy hafatra mafonja tiana nampitaina tamin'ny nanomanana sy nandaminanana an'izao lanonana izao dia (i) ny fanomezan-danja ny fanofanana ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra misy ireo seha-pihariana iveloman'ny vahoaka maro an'isa, (ii) ny fanamafisana ny fampahafantarana ny paikadim-pirenena momba ny fanofanana ara-pamokarana eny amin'ny tontolo eny ambanivohitra sy ireo tsara ho fantatra momba izany (ny fandaminana ny fiofanana, ny fandaminana ny toeram-panofanana, sns.), (iii) ny tanjona kendrena eo amin'ny fanavaozana ny rafi-panofanana ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra izay tafiditra indrindra ao anatin'ny VINA FISANDRATANA 2030 amin'ny fampivoarana ny famokarana mba ho famokarana moderina : fanatsarana ny taha-mpamokarana, fanatsarana ny fitaovana enti-mamokatra, ady amin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo, sns.

Nomarihana tamin'ny fomba manokana ny momba ny fandaminana ny fiofanana tamin'ny fanolorana tamin'ny fomba ofisialy (i) ny lasi-panofanana nasionaly vaovao, atomboka amin'ny







taom-pianarana 2017-2018 ity eo anivon'ny EFTA, hanofanana ny Technicien Agricole na ny Teknisiana hisahana ireo tantsoroka amin'ny asam-pamokarana marolafy eny ambani vohitra (fambolena-fiompiana, ny fitrandrahana ny ala sy ny haivoary ary ny jono) tamin'ireo solontenan'ireo Ministera mpiara-miombon'antoka amin'ny MPAE eo amin'ny sehatry ny fanofanana ara-pamokarana (MEETFP, MEEF sy MRHP), (ii) sy ny lasi-panofanana roa (2) ho an'ny mpamokatra-mpitantanana ny seha-pihariana sy ireo mpamokatra sady mpandraharaha, efa voarafitra tamin'ny taona 2015-2016, izay natolotra an'ireo Sekoly tsy miankina efa mampiatra izany miaraka amin'ireo CAFPA fito (7), rafi-panofanana eo anivon'ny MPAE.

Nanao ny filatroana nanoloana ireo vahiny nasaina ireo solontenan'ny EFTA tonga nanatrika ny lanonana, nitondra ny fomba fitafy nampiavaka ny faritra niavian'izy ireo, naneho ny haren'ny kolontsaina eto amin'ny Nosy sy ny firaisankinan'ny rafi-panofanana ara-pamokarana eo anivon'ny MPAE. Tamin'ny kabary famaranana no nanambaran'Andriamatoa Ministra ny fanombohana ofisialy ny taom-pianarana EFTA ho an'ny taom-pianarana 2017-2018 sy ny firariantsoa ho an'ireo mpiofana.

Nisy ny fakana sary fahatsiarovana niarahana tamin'Andriamatoa Minisitra nandritra ny lanonana. Nahatonga solontena avokoa ny rehetra afa-tsy ny EFTA Ambanja nohon'ny fahatapahan'ny lalana nateraky ny rivodoza Eliakim.

# Famoahana ny andiany voalohany an'ireo mpianatra asa ho Mpamokatra sady Mpandraharaha Ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra

Tontosa soa amantsara ny faha 14 aogositra 2018 lasa teo tao amin'ny Espace Yandy By pass-Alasora, ny lanonana famoahana ny andiany voalohany an'ireo mpianatra asa ho Exploitant-Entrepreneur Agricole na Mpamokatra sady Mpandraharaha Ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

Telo (3) taona, raha tsiahivina, ny faharetan'ny fiofanana amin'ny fomba fampiofanana mifantoka amin'ny fampitàna ny fahaiza-manao arak'asa ho an'ireo ireo mpiofana na ny Approche Par les Compétences (APC) ka ny taona faharoa no ahazahoana ny diplaoma CPEA (Certificat Professionnel en Exploitant Agricole) ary ny taona fahatelo ny diplaoma BEP-EEA (Brevet d'Etudes Professionnel en Exploitant-Entrepreneur Agricole). Miisa 100 ny isan'ireo mpianatra asa nahavita fiofanana nandritra ny telo (3) taona nahazo ny diplaoma BEP-EEA ka ny fito ambienimpolo (67) dia avy amin'ny Ivontoerana efatra (4) miankina amin'ny MINAE dia ny CAFPA Antsirabe, Ambohitsilaozana, Brickaville ary ny telo ambitelopolo (33) kosa, avy amin'ireo Centres tsy miankina amin'ny Fanjakana dia ny Centre Tombotsoa Antsirabe sy CRFPA ao Antanetimboahangy Analavory, Faritra Itasy.

Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny Filoham-panjakana Rivo RAKOTOVAO sy ny Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana, Harison RANDRIAMANANA miaraka amin'ireo Tompon'andraikitra ambony avy amin'ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana sy ireo avy amin'ireo Ministera mpiara-dia sy ireo Mpisehatra isan-tsokajiny eo amin'ny fampandrosoana ny tontolo eny ambanivohitra. Ny Filoham-panjakana Rivo RAKOTOVAO rahateo moa no nanaiky ho Ray mpiahy an'ity andiany voalohany ity.

Nisy tanjona sy foto-kevitra manokana napetraky ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana amin'ny ny alalan'ny Toniam-pitondrana misahana ny fampiofanana arak'asa eny amin'ny tontolo ambanivohitra (Direction de la Formation Agricole et Rurale-DFAR) tamin'ny nanomanana izao lanonana izao dia ny fanomezan-danja ny fahapahafantarana ny fanofanana arak'asa eny amin'ny tontolo ambanivohitra ary indrindra indrindra ny toerana omena ny tanora nahavita fiofanana eo amin'ny sehapihariana eny ambanivohitra.

Tamin'ny kabary nifandimbiasan'ireo Raiamandreny avy amin'ny Fitondram-panjakana no nampitan'izy ireo ny hafatra amin'ireo fanamby apetraka amin'ireo tanora hiditra amin'ny seha-pihariana eny ambanivohitra izay hitondra ny fahaiza-manao ara-teknika vaovao, handimby ireo raiamandreniny tamin'izany seha-pihariana izany ka hampitombo ny taham-bokatra sy ny vokatra ka handray anjara mavitrika amin'ireo hetsika fampandrosoana any amin'ny Faritra niavian'izy ireo tsirairay avy.

Notoloran'ny Filoham-panjakana Rivo RAKOTOVAO lelavola roapolo (20) tapitrisa Ariary ireo mpianatra asa nahavita fiofanana mba ho fanampiana azy ireo amin'ny fanombohan'ireo tetik'asany; nisy ihany koa ny zanak'akoho lahy kely (coquelet) dimy ambin'ny roapolo (25) isany avy amin'ny MINAE hanampiana ny fidiram-bolan'izy ireo amin'ny alalan'ny fiompiana haingam-piodina.

Notohizina tamin'ny Famelabelabelaran-kevitra (Conférence) niompana tamin'ireo endriky ny fanampiana azon'ny Fanjakana atolotra amin'ny fanombohana ny fanantanterahana ny tetik'asa (projet professionnel) amin'ny alalan'ireo Tetik'asa miankina amin'ny ny MINAE ny lanonana ka nandray anjara tamin'izany ny Programa Formaprod, ny tetik'asa Pejaa sy Projermo. Naharitra adiny roa (2) Famelabelabelaran-kevitra narahim-panontaniana nombana valiny; nanatrika ary nandray anjara tamin'ny fanampiana fanazavana momba ny tontolon'ny seha-pihariana eny ambanivohitra manoloana ny fandrosoan'ny fandraharaharana Andriamatoa Ministry ny Fambolena sy ny Fiompiana.

Nisy ny fiaraha-misakafo sy korana tao aorian'ny Famelabelabelaran-kevitra; fotoana iray nahafahana nanamafy ny firaisankina eo amin'ireo Ivontoerana mpampiofana sy fifankahalala bebe kokoa eo amin'ireo mpiofana. Nisy ireo nahay nanaraotra










# EQUIPE REGIONALE DE LA FORMAT PARTENARIAT (SRFA

Assumant le relais de la DFAR au niveau régional, les SRFAP sont chargés d'assurer l'animation et le pilotage de la rénovation FAR en région, d'entretenir les relations de travail avec les acteurs FAR régionaux, de suivre et de participer aux activités en lien avec la FAR, mises en œuvre par les programmes/projets rattachés au MINAE. Le niveau d'information des Services Régionaux de la Formation Agricole et du Partenariat (SRFAP) sur l'évolution du contexte se rapportant à la rénovation de la FAR devrait être constamment mis à jour et la DFAR a prévu dans son PTA 2018 des ateliers pour leur regroupement.

Ainsi, un atelier de regroupement entre l'Equipe de la DFAR et les Chefs SRFAP des 22 DRAE a été organisé à l'Hotel Kavitaha Ampefy le 17 et 18 septembre 2018. Les objectifs de l'atelier ont été focalisés principalement sur :

- la remise à niveau des informations des SRFAP sur l'état d'avancement des chantiers FAR et de l'évolution du contexte en général ;
- le partage d'informations sur les dispositifs d'appui à l'installation des jeunes formés ;
- la préparation de l'organisation du recrutement des apprenants en 1ère année CPEA, session 2018, dans les CAFPA (test programmé le 11 octobre 2018) et celle du concours d'entrée en 1ère année BTSA , session 2018, dans les six (6) EFTA et sélection des apprenants pour le métier de Conseiller en Agriculture de conservation et agro-écologie pour les EFTA de Toamasina, Iboaka, Ambatobe et Bezaha (dates de concours programmée respectivement le 21 et le 22 novembre 2018) ;
- le partage des problèmes ou contraintes rencontrées sur la mise en œuvre des chantiers FAR au niveau régional ;
- le renforcement des capacités des SRFAP par rapport aux chantiers de la rénovation FAR : éléments de cadrage de la rénovation FAR, APC, Projet d'Etablissement, Procédure d'accréditation et Ingénierie d'installation des jeunes formés. ;
- l'élaboration d'une esquisse de plan de formation et mise à jour de la Fiche de Poste de SRFAP ; et
- la définition des grandes orientations pour le PTA 2019.

C'était un atelier de travail riche en échanges-discussions portant sur les réalités vécues par les SRFAP dans la mise en œuvre des activités relevant de leurs attributions. A l'issue de l'atelier, les principales recommandations de l'atelier ont porté surtout sur :

- le besoin de renforcement des actions de communication sur la FAR ;
- l'implication des DRAE dans le processus d'accréditation des CEFAR ;
- la priorisation de l'installation des jeunes formés au niveau des CAFPA et CEFAR formels en formation initiale ;
- l'implication des SRFAP dans l'élaboration des Référentiels régionaux ;
- le besoin de renforcement des capacités des SRFAP ;
- le besoin d'une synergie

# ION AGRICOLE ET AP)

d'actions entre les structures de proximité pouvant contribuer à la promotion de la FAR : CSA, CIRAE, Autorités locales, etc. ;

- la prise en compte des activités se rapportant sur la FAR dans les PIP régionaux.

A noter que le SRFAP a été réintégré dans les Services Régionaux des DRAE en vertu du Décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Elevage ainsi que l'organisation générale de son Ministère.

PHOTO SRFAP

# L'IFFAR EN APPROCHE DE SA TERME

L'idée de la mise en place de l'Institut de Formation des Formateurs Agricoles et Ruraux est retenue et incluse dans le PTA (plan de travail annuel) 2018 de la Direction de fa Formation Agricole et Rurale (DFAR) .

L'activité consiste à mettre en place un dispositif de formation de formateurs afin de remédier au manque crucial, en quantité et en qualité, de formateurs dans les CEFAR, d'une part, mais aussi pour recycler les formateurs en activité dans le milieu rural. Programmé pour être opérationnel dès le troisième trimestre 2018, il s'agit de (i) finaliser de l'étude de faisabilité pour la mise en place de l'IFFAR, (ii) réaliser la réhabilitation des infrastructures prévus pour abriter l'IFFAR à l'ex EASTA Ambatobe , (ii) mettre en œuvre les démarches institutionnelles pour sa création (projet de statut et mode de fonctionnement) et de (iii) réaliser à la mise en œuvre des actions prévues dans l'étude de faisabilité.

Formaprod, le projet d'appui à la formation agricole et amélioration de la productivité agricole, a commencé les appuis en réhabilitation et investissement à Ambatobe pour les locaux et matériels.

Les ressources humaines sur place sont prêtes à s'investir pour relever ce défi important. Mais nous souhaitons d'avoir la collaboration avec des centres expérimenté en formation de formateur en général et l'appui des personnes ressources détenant des expériences en la matière.

# SEKOLY MPIANALA ANGAVOKELY

Raha tsiahivina ny tantara dia nanapakevitra ny fitondram-panjakana tamin'ny taona 1897 (fito amby sivifolo sy valonjato sy arivo), fa tokony haorina ny sekolim-panjakana fanofana ireo tokony hitantana sy hiaro ny ala teto Madagasikara. Enina amby efapolo (46) taona taty aoriana anefa vao tafatsangana ny fotodrafitrasa tao Angavokely. Ny volana jolay 1943 no niditra nianatra ny andiany voalohany izay tsy nisy afa-tsy tovolahy niisa 13.



Tsy maintsy nikatona ny sekoly ny taona 1959 talohan'ny nahazahoantsika ny fahaleovan-tena, ary andiany 7 ihany noho izany no nivoaka tao.Tany amin'ny taona 80 dia lasa tany amin'ny EASTA Iboaka Fianarantsoa (no nanatanterahana ny fampiofanana ireo mpiandraikitra ny ala ary ireo Adjoints techniques des Eaux et Forêts izay anisan'ny mamelona ny corps forestier amin'izao, dia mbola tany avokoa no niofana. Andiany 12 no mpianala nivoaka tao Iboaka hatramin'ny taona 2016.

Tsapa anefa tato anatin'ny 20 taona farany fa ny tsy fahampian'ny teknisianina momba ny ala dia anisan'ny antony mahabetsaka ny tsindry amin'ireo harenam-pirenena eto amintsika. Ary raha handray an'ny Nosy La Réunion isika izay nosy rahavavy akaiky antsika, dia miandraikitra 3000 hektara ny teknisian'ny ala iray any aminy, raha toa ka 250 000 hektara (5 alina sy 2 hetsy hektara) ny eto Madagasikara. Izany tsy fahampiana teknisianina izany dia nohamarinina tamin'ny Fankalazana ny taona iraisam-pirenena ho an'ny Ala t@ 2011 izay nahazoana tsoa-kevitra ny hamerenana indray ny sekoly hampiofanana ny mpiandraikitr'ala.

Etsy andaniny, ao anatin'ny Paikadim-pirenena ho an'ny fampiofanana ara-pamokarana eny amin'ny tontolo ambanivohitra na Stratégie Nationale de la Formation Agricole et Rurale (SNFAR) dia samy miezaka ihany ireo ministera manao ny fampiofanana sy mitondra ny fanavaozana manandrify azy. Ny EFTA Iboaka izay eo ambanin'ny fifehezan'ny Ministera miandraikitra ny Fambolena sy Fiompiana ankehitriny, ary nanofana ireo Teknisianin'ny ala teo aloha, dia lasa manofana Teknisianin'ny Fambolena sy Fiompiana manomboka amin'ity taona diavintsika ity.

Etsy ankilany, eo ihany koa ny politika nationaly momba ny ala navaozina, izay manipika ny maha-zava-dehibe ny fanofanana, mba hananana ala tsara tantana sy olona mendrika hitantana izany. Tsapa tokoa mantsy fa fanoitra ho amin'ny fampandrosoana ny fampiofanana ka ilaina ny fametrahana ny paikady hoentina manavao ny teknikam-pamokarana sy fikajiana ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina.

Manoloana izany tsy fahampiana ara-olona izany sy manoloana ireo fanavaozana rehetra dia nanapa-kevitra ny Ministera ny Tontolo Iainana, ny hay Voahary ary ny Ala fa hosokafana ny sekoly ho an'ny teknisianin'ny ala mba hamokarana olona manana ny fahaiza-manao amin'ny fitantanana ny ala, ary mamaly ireo filàna eo amin'izany sehatra izany.

Ny maha samihafa azy dia raha niandry 46 taona taorian'ny fanapahan-kevitry ny mpitondra tamin'ny fanjanahantany, vao natomboka ny fampianarana teto, tamin'ny taona1943. Ankehitriny kosa dia enim-bolana monja taorian'ny nahazoana ny Didim-panjakana laharana 2017-756 izay ananganana sy andaminana an'izao ivon-toeram-piofanana izao, dia hatomboka ny fanofanana.

Maro ny dingana narahina nandritry ny 4 taona, vao tonga amin'izao fotoana atrehina eto izao isika, toy ny.

- Ny fametrahana ny komity mpikarakara izay antsoina hoe CREFA-EF (Comité de Renovation de la Formation au Sein de l'Administration en Charge de l'Environnement et des Forêts) tamin'ny taona 2014. Io Komity io dia misy olona folo avy amin'ny foibe samihafa tato anatin'ny Ministera ary tarihin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Ministera. Iangaviako ny mpikambana ao mba hitsangana eny an-toerany eny. Ireo no nikarakara, nitoto nahafotsy ny lasi-pampiofanana, ny fampiofanana ny mpampiofana, ny fikarakarana maro samihafa mba nahafahana manangana indray ny Ivon-toerana fiofanana.

- Teo ihany koa ny fandaniana ny lasi-pampiofanana tamin'ny rafitra rehetra sy teo anivon'ny Ministera miadidy ny fampiofanana ara-teknika

- Nanaraka tao ihany koa ny fametrahana ny drafi-pitantanana ny Ivon-toera-mpiofanana

- Ary teo indrindra ny fiaraha-miasa tamin'ireo mpiara-miombon'antoka izay nahafahana nanatontosa ny drafi-pitantanana sy ny lasi-pampiofanana ary ny fanarenana sy fampitaovana ny ampahany amin'ny sekoly izay ahafahana mampiditra ireto andiany voalohany ireto. Tao ny programa PAGE/GIZ, ny Fandaharan'asa FORMAPROD, ny orinasa FANALAMANGA, ny ENIFAR (Equipe Nationale d'ingénierie Agricole et Rurale), ny Ministera eo anivon'ny Fiadidian'ny Repoblika misahana ny Fambolena sy Fiompiana, Ny Ministeran'ny asa, ny fampianarana ara-teknika sy ny fanofanana arak'asa, Ny Departemanta ny Rano sy Ala eny amin'ny AGRO.

Tao anatin'ny dingana notontosaina ihany koa ny fanomanana ireo mpampiofana izay tsara ny manamarika fa ny 90% izy ireo dia mpiasan'ny Ministera avokoa. Fomba fijery vaovao no hoenti-mampiofana ireto teknisianina ireto dia ilay hoe "Approche par les Compétences", izany hoe ny olona efa vonton-traikefa no mampiofana azy ireo satria fiofanana arak'asa no hatao. Misy amin'ireo mpampiofana, tonga manatrika eto dia mba iangaviako indray hitsangana eny amin'ny toerana misy azy eny.

Ny andiany 2017-2019 no andiana mpiofana voalohany, ary misy tovovavy 6 sy tovolahy 19 ao anatin'ny sokajin-taona 19 ka hatramin'ny 35 taona. Fifaninana nasionaly tany amin'ny faritany 6 teto Madagasikara no nisafidianana azy ireo. Fiofanana mandritry ny roa taona no ho ataony ka hahazo ny mari-pahaizana Teknisianina Ambony na Brevet de Technicien Supérieur.

# Ecole de Formation de Technicien Agricole «BEZAHA»



Nandritra ny taona 2017 sy roa arivo manontolo dia nisehatra teo amin'ny fanomanana ny fandraisana ny fidiran'ny mpianatra andiany voalohany eo amin'ny sekoly EFTA ny mpiara-miasa rehetra eto Bezaha. Tao anatin'izany ny ezaka fanatsarana ny endriky ny sekoly manoloana ny manodidina. Nasongadina tamin'izany ny fampiofana ireo tantsaha mpamboly amin'ny fampiharana ny voly vary PAPRIZ niarahana tamin'ny ekipa avy ao amin'ny ministera.

Rehefa nivoaka ny lalàna manova ny anarana EASTA PRO ka lasa EFTA izay niampaka avy hatrany amin'ny fifaninana hidirana eo amin'ny sekoly dia niisa ho maherin'ny 200 ny mpiadina tamin'izany raha toa ka 24 amin'ireo ihany no raisina. Tao anatin'izany fifaninana izay dia faritra 4 no afaka mifaninana hiditra eto Bezaha dia Anosy , Androy, Atsimo Andrefana ary Menabe.

Rehefa nivoaka ny lisitr'ireo afaka dia niompana teo amin' ny fandefasana ireo mpampianatra anatiny sy mpisehatra avy any ivelany manolo-tanana amin'ny fampianarana mba hiofana amin'ny fampiarana ny paik'adim-pampianarana sedraina amin'ny fahafolahana ny traik'efa nomena ( na FDF sur l'APC) ny 22 ka hatramin'ny 27 febroary teo.

**FIDIRAN'NY MPIANATRA:** navitrika ny mpianatra andiany voalohany teto amin'ny EFTA satria di any alahady faha 11 martsa dia efa saika tonga avokoa ireo mpianatra ka notaterina tamin'ny tracteur noho ny entan'izy ireo maro raha to aka ny 12 martsa no fidirana. Rehefa vita ny fandraisana ireo mppianatra tmin'ny famakiana ny fitsipika anatiny dia niroso avy hatrany amin'ny fampahafantarana ny sedra miandry ireo mpianatra ka taorian'izay no nanatontosaina ny fampianarana.

**ADIN-TANY:** Misedra olana efa hatramin'ny ela anefa ny Sekoly nandritra izay fiovana anarana rehetra izay dia toa lasa alain'ny fokonolona manodidina hatrany ny tany izay fanaovan'ireo mpianatra fampiharana hany ka miatraika amin'ny fanofanana izany. Na dia teo aza izay rehetra izay dia niezahina naravona niaraka tamin'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny domaine izany ka nisy amin'ireo ampahan-tany no niverina amin'ny sekoly. Mbola ady goavana hatrany ny fiverenan'ny





velaran-tany maro saingy isaorana ny fitondram-panjakana nandefa ireo tompon'andraikitra eo amin'ny fananan-tany niarahana tamin'ny Projet PRIASO hametrahana ny efitry ny sekoly sy ny refiny.

**FANATSARANA NY ENDRIKA ANATINY:** Ela no nanirina ny fantsarana ny endrika anatiny eto anivon'ny sekoly ka nivaly izany tamin'ny alalan'ny faneken'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao ny fanamboarana miainga amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny BAD ka tantanan'ny tetik'Asa PRIASO dia ny fanomezana ny herin'aratra avy amin'ny masoandro ny trano fampianarana sy ny fanatsarana izany trano izany ka hatrany amin'ny tranon'ny mpianatra.

**OLANA SEDRAIN'NY SEKOLY:** Ara-pitaterana: raha oharina amin'ny EFTA rehetra enina eto Madagasikara di any EFTA Bezaha no lavitra indrindra satria dia saro-dalana ary mbola misy 140km mianatsimo an'I Toliara izy io. Mbola mihataka 07km miala ny bezaha ihany koa anefa vao tonga tanteraka eo amin'ny fokontany Behisatra misy ny sekoly. Sarotra arak'izany ny famezivezena satria dia tsy manana afatsy tracteur no fitaterana ireo mpianatra amin'ny fivoahana ka faniriana ny famelomana ilay bus izay maty ao mba ahafahana manao voyage d'études sy sortie amin'ny pratique ho fanatanterahana ny APC.

**Ara Lojistika:** tao anaty folo taona nandritra ny fisian'ny dahalo dia tapitra notaterin'ireo tsy mataho-tody ny fanana'ny sekoly, eny fa na dia hatramin'ny kidoro eponjy fatorian'ny mpianatra izay miisa zato aza. Hany herin'ny sekoly nandritra izay telo taona izay dia mividy tsikelikely ny tokony ho fatorian'ny mpianatra. Amin'izao fotoana fiovana goavana izao anefa dia mbola maro ireo fitaovana ara-lojistika tsy ampy indrindra moa fa ny lafiny ara-materialy di any kidoro izany ka efa eo ampiandrasana ny Tolo-tanana avy any amin'ny Ministera mpiahy ny sekoly ankehitriny satria mitombo ny isan'ny mpianatra dia tokony hampitomboina manaraka izany ihany koa ny materialy ampiasaina.

***∆ Ekipa EFTA BEZAHA***







# Ecole de Formation de Technicien Agricole «ANALAMALOTRA»

La cérémonie officielle marquant la rentrée dans les EFTA a été célébrée le 12 Mars 2018 à l'EFTA d'Ambatobe.

A l'EFTA d'Analamalotra Toamasina, la rentrée des deux promotions, à savoir la 1ère promotion des futurs techniciens agricoles pour l'obtention du diplôme de BTSA et celle des futurs Conseillers en Agriculture de conservation et Agro-écologie, a eu lieu le 12 Mars 2018. Elle a été marquée par la présence de notre partenaire éducatif qu'est le Lycée Agricole Nature de Coutances de la Normandie France. Ce partenariat instauré depuis 2012 est le fruit de la coopération décentralisée entre la Région Atsinanana et la Région Normandie. Il a pour objectifs de :

- favoriser la rencontre et les échanges socioculturels entre les étudiants des deux établissements ;

- améliorer le bien-être des étudiants malagasy et leur environnement ;

- renforcer les appuis logistiques et pédagogiques de l'EFTA. Pour y parvenir, une délégation du Lycée étranger, composée de 10 à 15 élèves encadrés par des accompagnateurs, est venuechaque année à l'EFTA.

Pour cette année, leur mission a coïncidé avec la rentrée de nos étudiants. Ce qui symbolise le renforcement de notre partenariat. La première semaine d'études pour les deux promotions, a été alors marquée par des échanges éducatifs et socio-culturels avec les jeunes français, matérialisée par une sortie commune au Parc d'Ivoloina (malgré les pluies du cyclone Eliakim), le montage en commun des chantiers pour l'embellissement de l'école et d'autres diverses activités. Ils ont bénéficié également des cours théoriques sur le développement durable, l'apiculture et une notion sur l'agro-écologie, prodigués par l'encadreur français, qui est une Ingénieur agronome.

***Equipe EFTA Analamalotra***





Ny EFTA Iboaka Fianarantsoa sy ny EFTA Amborovy Mahajanga koa dia tsy niandry ela fa niditra tamin'ny fomba ofisialy ny 12 mars koa ny mpianatra vaovao izay handranto fianarana ao. Lanonana tsotsotra no nentina nanamarihana izany fidirana tamin'ny fomba ofisialy ny mpianatra taona voalohany izany. Saika tonga avokoa mo ny mpianatra tamin'ireo ivon-toeram-panofanana ireo.

Ny any EFTA Ambanja kosa dia tsy nisy lanonana fidirana ofisialy noho ny rivo-doza izay nandalo tany amin'ny faritra avaratry ny nosy.

# CAFPA «ANDRARANGY» : Aleo mahita toy izay tantaraina !

Tsy ho isan'ny faritra tara intsony raha ny faritry ny Melaky raha eo anivon'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana. Porofo mitohoka amin'ny tenda izao fanomezana sy ny famoronan'ny fitondram-panjakana izao toby fampiofanana ho mpihary matihanina eo amin'ny tontolon'ny fambolena sy fiompiana izao (CAFPA: Centre d'Appui et de Formation Professionnelle Agricole) aty amin'ny faritra.

Araka ilay fiteny hoe: aleo tokoa mahita toy izay tantanraina : nanao voyage d'études na visite d'échange tany amin'ny CAFPA rahavavy, toy ny any Antsirabe sy Mahitsy izahay mpiofana avy aty amin'ny CAFPA Melaky, hay mitovy tsy misy valaka amin'ny hafa izahay aty ; na eo amin'ny firafitry ny fampandehanana ny fiofanana na ny fitsipika anaty mifehy anay , dia gaga izahay fa noheverinay ho samy manana ny azy arak'izay faritra misy azy izany : izany hoe, na any anatin'ny fampiharana na any an-tsoratra. Fa ny nahataitra anay avy aty dia ity ; ny fahitana fa misy ihany koa kay ireo ivotoeram-piofanana hafa ankoatra ity CAFPA ity; toy ny CFAMA, CNEAGR , EASTA, Tombontsoa sy ny maro tsy voatanisa fa miankina amin'ny mari-pahaizana sy ny taona no ahafahana miofana amin'ireny.

Koa ankehitriny, mahatsapa izahay fa manana tombony be dia be mihoatra ireo mpiofana hafa nohon'ny fanananay ity ivotoerana eo ambany fiadidian'ny Ministera misahana ny fambolena sy fiompiana ity sy ireo mpanohana miaraka aminy ; toy ny FIDA--FORMAPROD satria nampisokatra ny saina amam-panahinay tanora mpiofana avy aty amin'ny faritra Melaky ny zavatra hita rehetrarehetra. Ohatra amin'izany fotsiny: (raha ivoaka kely ivelan'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana isika); raha nihazo an'ny Antananarivo izahay: hay tena misy marina fa tsy hoe tantara ity fitohanan'ny fiara (embouteillage) aty andrenivohitra ity, ary dia tena sahirana tokoa ny rehetra amin'io zavatra io ; tsy izany ihany anefa , fa ny fahitana ihany koa ny fomba fiainana tia karokaroka sy ny tsy fandaniana fotoana amin'ny tsy antony fa tsy matoritory saina fa indrindra indrindra ny fiainan'ny tantsaha sy ny fomba fihariany eo anivon'ilay seha-pihariana.

Noho izany, tsy tokony andrarak'ilo bian-doha isika rehatra izay nahazo izao fahasoavana izao fa ho tanora tantsaha mahay mihary matihanina ny tanora ato anatin'ity nosy malalantsika ity amin'ny alalan'izao ivotoeram-pampiofanana izao. Koa alao hery ry namako iaby fa tsika fa roso io tsy mihemotsy koa.

***∆ Tresor CAFPA***
***Andrarangy Maintirano***





# Ecole de Formation de Technicien Agricole «AMBANJA»

Le district d`Ambanja est le premier producteur de fève de cacao dans le pays, malheureusement les techniques de production restent traditionnelles et la qualité du produit n`est pas assurée. Etant un piler de développement dans sa région d`implantation, l`EASTA-PRO d`Ambanja, en partenariat avec la Fondation HELVETAS INTERCOOPERATION SUISSE ont réalisé deux sessions de formation pour les jeunes déscolarises et défavorises (JRD) durant l`année 2017 dont :

- Pépiniériste de cacaoyer
- Gestionnaire de plantation de cacaoyer

## FORMATIONDES PEPINIERISTES CACAO

Cette session s`est déroulée le 03 Avril au 1 er septembre, 20 jeunes ont été formés dont 12 hommes et 08 filles, mais 16 sont certifiés : 4 n`ont pas effectués leurs stages à cause de leur indisponibilité de s`éloigner de leur famille.

Les apprenants ont réalisé leur stage auprès des exploitants pépiniéristes.

## FORMATION DES GESTIONNAIRES DE PLANTATION

Cette session a été dispensées du 17 juillet au 17 décembre, 18 apprenants sontformés dont 15 hommes et 3 filles. Et 17 ont reçus leur certificats, un apprenant a abandonné la formation pour cause de travail de sa famille.

En conclusion, Toutes les modules de la formation sont accomplisen trois mois de cours en classe et trois mois de formation en situation professionnelle.Au total 38 JRD ont bénéficiés de ces deux formations.
Non obstant, quelquesdifficultés ont été rencontrées :

- lors des recrutements les annonces ne sont pas parvenus aux cibles à cause de l`enclavement et des limites techniques des radios locaux.
- ces jeunes font parties de la main d`œuvre de la famille ainsi le taux d`absence a été plus élevé dès le début de la saison de cultures (mois de novembre et décembre),

## SUITE DE LA FORMATION CONTINUE

Deux autres formations, concernant la production du cacao, seront mises en œuvre pour l`année 2018 afin de produire des préparateurs post-récolte du cacao, et des guides et agro-tourisme.



## ANGANO ANGANO .ARIRA ARIRA

# "ILAY BOKA"

(Tohiny)

Tratra namosavy i Leboka dia nofaizin'ny fokonolona.Ireo mpamosavy teo an-tanàna ihany no nanondro azy, noho izany dia niandry kendry tohana Leboka hamaliany faty.

Ny fasana taloha dia avo be ka tsy tafakatra any amboniny raha tsy mitondra tohatra.Nandihy sy nilalao teo ambony fasana ireto andiam-pamosavy indray alina ; nesorin'i Leboka ny tohatra dia lasa izy niantso ny fokonolona ary nanafatrafatra izy hoe : « raha vantany vao tafidina dia ny vavany aloha no asiana totohondry ».

Nirongatra ny fokonolona hisambotra ireto mpamosavy tavela tery ambony fasana; nampidinina tsirairay.Izay tafidina dia niantsoantso mafy hoe:"Leboka koa namanay! Leboka koa namanay! Voafatotra koa Leboka;"Izaho efa niteny hoe tonga dia ny vavany asiana raha vao tafidina, tonga dia ny vavany asiana" hoy ny ngonongonony.Hay ny antony hamelezana ny vavan'ireo mpamosavy dia ny tsy ahafahany miteny hitory azy! Voa indray Leboka teo.

Namitsapitsaka ny mpamosavy tao an-tanàna fotoana vitsivitsy.

Maty ny vady navelan'Ingahindriana dia nalevina; nibitaka anaty Leboka"hisy fety indray rahalina!na tsy avelan-dry zavavy aza aho, dia tsy maintsy ho avy!"

Gagagaga Leboka nony tonga teny am-pasana fa azy irery ny sehatra. Nifalihavanja irery teo izy, tsy dia natsiro loatra anefa ny fety satria irery."Rahampitso angamba vao ho tonga ry zareo hoy ny eritreriny". Mbola irery ihany anefa Leboka ny ampitso.Eo ambony fasana dia nahita zavabaovao izy ka nanontany tena hoe:"Ary nasiandreo tsangambato angaha ny fasana? Nefa toa olona ka! Tsangambato sa olona? Tsangambato sa olona? Tsangambato io matoa tsy mihetsika ka ! Andao hoe hojerena tsara !Nefa toa olona! Natsotran'I Leboka ny tanany :"Tapaho hoe ity raha olona ianao?Tsy nihetsika ilay tsangambato . Aan tsy olona hoa io fa tsangambato ka! Ity hoe tapaho ny tanako raha olona ianao?" KTSAK! Nikodia teny amin'ny tany ny tanan"I Leboka, nijininika ny rà; nikiakiaka Leboka nihazakazaka nody , nofeheziny ny fery, niafina tao ambany tsihy izy. Vao maraina dia novoriana ny fokonolona fa hoe tratra ny mpamosavy ary ity ny tanany. Nazava be fa tanan'I Leboka io. Noraisim-potsiny Leboka na dia nandà mafy aza.

Hay ireto mpamosavy rehetra tao an-tanàna efa nahafantatra fa hisy mpiambina mitondra sabatra eo ambony fasana, dia tsy nivoaka mihitsy, tsy nilazany Leboka mba hamaliany faty azy koa!

***∆ LALANEKENARISOA Nénée (CAFPA ANTSIRABE)***

Ity tapatogno ity dia kilalaon-tsaina toy ny ankamantatra, fa miady rima. An'isan'ireo kilalaon-tsaina taloha, ka ity atolotro eto androany ity dia momba ny fikotina vehivavy.

- Afokasiky zalomety, mivolagna iha tia lahamety!
- Tsakapaly menatomboky, voromifandiadia; ndre maro gnampelasoa, raiky avao rofoto-dia.
- Zaho nilitsy ala nanapaky hazo tsengena, zaho mahita somondra ratsy mitsapakelena.
- Na tsavioviogny kobay latsaky agnabosa koa, zaho mbandalambegny, tsisy mpanao nahoa, iha nilako tsy nety rampela zaho tsy mimpoly anao koa.
- Tsapatsapa tagna mamognovolo, bekopaky hoe rolahy avaratry ny manambolo, mandady lian-kapoky kanefa tsy kombo, dabalava valin'ny gny komondro.

***∆ Dady Fleur***

# MOTS CROISES N°2



## HORIZONTALE

1 - Graines qui se sèment - Ornement d'architecture
2 - Ecimé - Mauvais film - Ustensile de vannage
3 - Plis - En Ecosse, association formée en vue d'une action commune
4 - Regarder - Ecarté - Qualité d'une prévision
5 - Moitié du parfum de Nosy Be - mammifère carnassier – Tout
6 - Fougère des vieux murs - Parée –
7 - Mouvement avant de s'élancer - Toujours vert
8 - Article précieux - Tournée de travail - Tête de bas
9 - Poufferais - Connait
10 - Légumineuse - Vers parasites
11 - Voyelles - Terres isolées - Epreuve
12 - Routes à suivre - Sujet près du cœur
13 - Arbre - Transformé en ester
14 - Contesta - Exprime - Tellure - Article
15 - Aliments obtenus à partir des féculents - Cri d'espoir du marin perdu

## VERTICALE

A - Institution en dessous de la Sirection - Subdivisions
B - Fané - On le respire - Sélectionne
C - Diplomates - Théologien musulman
D - Sans fin - Première page des journaux
E - Issus - Famille du riz
F - Parfumé à l'anis - Vrai
G - Adverbe - Pièce travaillante de la charrue - Emanation
H - Cartables - Mis au lit
I - Dérobe - Sollicitude
J - Avoue - Risquer
K - Enlève - Mouton - Lieu
L - Natif - Partie d'une partie - Son bras est dur
M - Autorisation – Fondement
N - Irai en canot – Statue
O - Institution - Emises












Toilettes


Fanta
Eau Vive


Eau Vive



EFTA BEZAHA

# TAFA

Bulletin semestriel d'information et de liaison de la Direction de la Formation Agricole et Rurale


**Directeur de Publication**
Francine RASOLOFONIRINA

**Rédacteur en Chef**
Barnabès RANDRIANASOLO

**Comité de Rédaction**
Tolojanahary LALANEKENARISOA
Jaona RAKOTONIRAINY
Nicole Hery Soa RAKOTOMALALA
Holiniaina Sylvie RAFIRINGA
Fetranirina RAMAHEFARIVO
Lova Manjaka RAKOTOSON
Rivo Gérald SOLOMAMPIONONA
NGADO Fleur
Sandrine Emilia SOAMAZAVA

**Infographiste/P.A.O**
Harifetra RAONIVELO



ADRESSE :
Direction de la Formation Agricole et Rurale
Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage,
2 rue Stibbe Anosy,
3e étage, Porte 304



Imprimé en 500 exemplaires